Manao Làlana Iray

Manao ahoana, ry sakaiza. Ary enga anie ny Tompo hitahy anareo betsaka. Ary misaotra anao, Rahalahy Neville, ny amin'izany fanamarihana tsara izany. Tena faly aho ny tafaverina indray eto amin'ny tabernakla izao hariva izao, ao amin'ny asan'ny Tompontsika finaritra, sy mahita an'ireo sakaizanay eo, izao hariva izao, mba hanompo Azy miaraka aminay.

2 Tena tombontsoa lehibe tokoa ny mihaona indray mandeha indray amin'ity lafin'ny Fihavian'ny Tompo ity. Rehefa avy mahita isika, mandre, fa maro no lasa, tsy nampoizina, tena haingana, dia manontany fotsiny isika, matetitetika hoe, iza no manaraka. Saingy, manana an'ity antoka voatahy ity, hoe raha . . . "tsy misy na inona na inona afaka hampisaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy. Tsy misy na fahafatesana, na—na inona na inona ankehitriny, na inona na inona amin'ny ho avy, na hery, izay afaka hampisaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy." Ary mahafantatra an'ity, hoe, "Rehefa ravàna ity tabernaklan'ny tany ity, dia manana anankiray isika izay efa miandry." Tsy mihetsiketsika, tsy mirona; ary eo ambonin'izany fanantenana voatahy tena be voninahitra izany isika no mitoetra.

3 Niresaka tamin'ny vadiko aho, sy Rtoa. Wood ary izy ireo, vantany . . . Niverina aho. Nilaza aho hoe, "Eny, toy ny hoe dia aorian'ny dia fotsiny ilay izy, ary toerana aorian'ny toerana, saingy, kanefa, lasa be voninahitra hatrany foana izy ireo. Ary izaho . . . mahafantatra fa manatona ny famaranana isika, ilay—ilay—ilay fahakaikezan'ny Fihavian'ny Tompo." Hoy aho hoe, "Eny . . . "

4 Niresaka tamin'ny zanakolahy aho, nandeha teny an-dàlana indray andro, tonga avy tany Sioux Falls, Dakota Atsimo. Tamin'izay fotoana izay dia hoy aho hoe, "Fantatrao, toerana iray mahafinaritra ny any an-trano." Teo am-piverenana nody izahay. Hoy aho hoe, "Tiantsika ity izao tontolo izao ity. Ity no tranontsika. Mety tsy mihevitra isika fa izany izy, saingy izany izy. Ho an'ity trano ity no nahaterahantsika. Ity, Andriamanitra no nametraka antsika teto. Tsy manana fomba nitondrana ny tenantsika teto isika. Na dia ny raintsika sy ny renintsika aza tsy nanana fomba. Tsy maintsy ho ny tànan'Andriamanitra izany. Olona maro no manambady, fa tsy manana zanaka iray mihitsy. Saingy, Andriamanitra no nahita an'izany mba ahafahantsika ho tonga eto amin'ity tany ity.

5 Ary amin'izay fotoana izay rehefa tonga isika, dia manomboka mitombo sy miorina ao anatin'ny vatana iray isika,

amin'ny alàlan'ireo atoma sy hazavana, sy ny sisa, arakaraky ny anombohany mandray avy amin'ny tany. Avy eo aorian'ny ahazoantsika taona iray, dia mijanona tsy mitombo izy ireo. Mbola manampy azy ireny eo amintsika foana isika, saingy miha-lasa izy ireo. Mipetraka ny fahafatesana.

6 "Ary avy eo rehefa ravàna ity tabernaklan'ny tany ity, dia manana anankiray miandry isika eo." Hitanareo? Miditra ao anatin'izany isika, hifankahafantatra isika. Tsy afaka mifandray tànana isika; tsy manana fanamboloan'izany fahatsapana izany isika. Isika tsy afaka . . . Tsy afaka handray ny tànanareo aho, hanao hoe, "Manao ahoana ianao, rahalahy," satria aho—aho . . . tsy hanana an'izany karazana tànana izany ianareo. Saingy, kanefa, tsy ao anatin'ny vatana ara-nofo tahaka antsika ankehitriny isika, isika dia ao anatin'ny—ny vatan-danitra iray. Ary avy eo rehefa ity . . .

7 Ary nieritreritra aho, fa tany Egypta tany, hoe rehefa namela tsangambato iray i Josefa, ho an'ireo zanak'Isiraely, ireo taolany, hoe indray andro any dia hivoaka izy ireo. Ary rehefa nivoaka izy ireo, dia nentin'izy ireo niaraka taminy ireo taolany, nankany amin'ilay tany nampanantenaina. Ary ny Hebreo rehetra izay naniry ny hiverina any an-tanindrazany, noho izany dia tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana aza no nitondrana azy, kanefa ny faniriany fatratra dia ny hiverina any an-tanindrazana. Ary isaky ny nandalo izy ireo ka nahita an'ireo taolana ireo, dia fantatr'izy ireo fa indray andro any dia hiverina any an-tanindrazana izy ireo.

8 Raha mbola eto isika, miandry ny hiala amin'ity toerana ity, dia mahita fasana foana iray isika any Jerosalema any, izay manao antsika hahafantatra fa nisy zavatra nitranga. Ary avy eo rehefa mitafy an'io nomem-boninahitra io isika . . . tsy nomem-boninahitra, fa vatan-danitra, dia handeha ao amin'ireo tanin'ny Voninahitra miaraka amin'i Kristy isika, mifampijery, mifampiresaka; afaka miresaka isika. Ireo fanahy eo ambanin'ny alitara, dia miantsoantso hoe, "Mandra-pahoviana?" Ary amin'izay fotoana izay dia ho inona ilay tsangambato eo, hoe hiverina eto an-tany indray isika mba hihinana sy hisotro ary hatory. Ho eo Izy, mipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianana iray, ao amin'ny vatana ara-nofo. Amena.

9 Hitsangana Izy indray andro any, ao amin'io vatana ara-nofo io. Ary rehefa miverina indray Izy, dia hitafy fanomezam-boninahitra ireo vatan-danitra ireo. Amin'izay fotoana izay dia hitovy Aminy isika, ary hiaina mandrakizay ao amin'io vatana io isika. Inona ny . . . Inona—hampaninona ny zavatra hafa rehetra? Hitanareo? Efa milamina izany. Izany fotsiny dia . . . Mifikira tsara eo fotsiny. Ary aoka ity . . .

Ireo fanantenako dia tsy miorina amin'inona na inona
Afa-tsy ny Ràn'i Jesosy sy ny fahamarinana;
Rehefa mirodana manodidina ny fanahiko ny rehetra,
Dia Izy amin'izay fotoana izay no fanantenako rehetra sy tohako.

10 Kristy no Anankiray izay nanao an'izany ho azo atao; tsy ny fiangonako, na ny anaram-piangonako, tsy ireo sakaizako, fa Kristy.

Ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy, ny tany hafa rehetra.

11 Tsy mahagaga i Eddie Perronet . . . Nihevitra izy ireo fa adala izy. Fa tamin'io andro io, nipetraka teo toy ny andevo iray ho an'ny olona, dia nanatsotra tànana ny Fanahy Masina ka nandray an'ilay penina ary nanomboka nanoratra an'io hira mahafinaritra io izay ho hiraina ao amin'ny fotoam-pivavahan'ny bakalôrea an'ny fametrahana an'ilay Mpanjakan'ny mpanjaka: *Ny Dera Rehetra Ho An'Ny Herin'Ny Anaran'I Jesosy.*

12 Tatitra mahafinaritra avy any avaratra any ankehitriny. Nanana fivorian'ny mpitoriteny izahay, tsy fivorian'ny mpitoriteny, fa ny sakafo marainan'ny Christian Business Men tany . . . tany Minneapolis tany, ary ny sakafo maraina goavana indrindra izay hany azonay avy amin'ireo mpandraharaha. Roa arivo no tonga.

13 Ary nanome anay Hafatra iray ny Tompo. Ary tamin'io maraina io, teo amin'ny antso eny amin'ny alitara, dia mpandraharaha dimampolo no nanatona an'i Kristy ary nateraka indray, tamin'io maraina io tao amin'ny fotoana. Oh, nampientanentana ny foko fotsiny izany, mpandraharaha iray izay miditra! Fotoana mahafinaritra, hatraiza hatraiza. Deraina anie ny Tompo, ary ho Azy ny voninahitra rehetra!

14 Ary ankehitriny dia manana naoty kely iray aho eto, nanao hoe, "Rahoviana aho no ho any Indianapolis?" Amin'ny Jona ny faha-11 hatramin'ny faha-15, dia ho any Cadle Tabernacle any Indianapolis aho, Indiana, Jona ny faha-11 hatramin'ny faha-15, mametraka olona arivo sy iray alina.

15 Ny afak'ampitso, dia hiainga ho any Shreveport izahay, Louisiana, ary ho any mandritry ny faran'ny herinandro any Shreveport, Louisiana.

16 Ary avy eo dia miala an'i Shreveport izahay ary handeha ho any Houston, Texas, ary ho any mandritry ny roa andro, izany dia ho ny Alatsinainy sy Talata.

17 Ary avy eo ny faha-16 dia hanomboka any Mexico fahiny izahay, Mexico City, Mexico fahiny. Vao avy niantso ahy mihitsy

Atoa. Arganbright. Ary namafisin'izy ireo ilay kianjan'ombilahy goavana any, izay manana toerana fipetrahana enina alina. Ary misy fiangonana efajato miara-miasa, efa nanao sonia. Manantena iray hetsy izahay ao amin'ilay fivoriana.

18 Ary izany no fotoana voalohany ho an'izao . . . Manana zavatra iray tokony hiderana an'Andriamanitra isika. Ny fotoana voalohany amin'ny tantaran'i Mexico, izay hany nampidiran'ny governemanta Protestanta iray ka nanomezany anay an'ilay toerana hahatongavana. Ny fotoana voalohany amin'ny tantaran'i Mexico, ny—ny Protestanta iray hany mba tongasoa. Ary io Jeneraly Valdivia io, dia Jeneralin'ny tafika Meksikana, vao avy nateraka indray sy nandray ny Fanahy Masina. Ary tamin'ny alàlan'ny fanajany ny governoran'i Mexico, no anomezany anay an'ireo alàlan'ny governemanta hiditra miaraka amin'ny fiarovan'ny milisy. Ary hoe izahay dia . . .

19 Nahazo an'ilay kianjan'ombilahy goavana aho. Izany no zavatra goavana indrindra izay misy ao Mexico manontolo. Mametraka enina alina izany, manodidina tahaka an'izao, ankoatran'ny—ny efitra izay anaovan'izy ireo an'ilay ady, fantatrareo, ao anatiny ao. Ary nahazo an'izany ho an'ny hariva folo misesy aho ankehitriny, tsy misy fiatoana, mandritry ny hariva folo misesy avy hatrany. Mivavaha ho ahy.

20 Tsapako fotsiny ilay . . . reko ilay feon'ny habetsahan'ny orana any. Izaho fotsiny . . . Ireo vahoaka Meksikana dia mpino tena tsotra, manetry tena. Ary vao resy lahatra indray mandeha . . . Katolika izy ireo. Ary vao resy lahatra indray mandeha fa ny Fahamarinana dia fahamarinana, dia milamina hatreo izany ho an'ny rehetra.

21 Avy eo, dia miverina haingana avy any Mexico fahiny aho, tafaverina eto eo amin'ny faha-30.

22 Ary ny faha-1, izany hoe ny Paska maraina, eto amin'ny tabernakla eto, ho an'ny fotoan'ny fiposahan'ny masoandro. Ary asam-panasitranana iray, no manaraka an'izany. Ary fotoan'ny batisa iray amin'io hariva io, eto amin'ny tabernakla. Koa afaka miteny amin'ny sakaizanareo ianareo, ankehitriny, mba hitondra ny marariny rehetra sy ny ory, ho an'ny fotoan'ny Paska. Ny fotoan'ny fiposahan'ny masoandro dia vao maraina amin'io maraina io. Avy eo, manaraka an'izany, any amin'ny folo ora, amin'ny sivy sasany any ny fotoan'ny sekoly Alahady mahazatra. Alaminonareo rehetra izany, ny sekoly Alahady. Ary a—asam-panasitranana iray no hanaraka an'izany, ny ma- . . . ny asam-panasitranana mahazatra tahaka ny ananantsika ao amin'ireo asam-pitoriana.

23 Ary noho izany, àry, Mexico City no tokony ho fotoana voalohany izay hanao an'io fahitana vaovao, izay notenenin'ny Tompo tamiko io, hiasa amin'io fotoana io. Noho izany dia

hanandrana an'izany indray isika, raha sitraky ny Tompo, eto mihitsy, amin'ny Alahadin'ny Paska maraina, mampiasa an'ireto efitra roa ireto, . . . ? . . . eto, hitanareo. Noho izany dia manantena fotoana lehibe iray isika eto, amin'ny Paska maraina.

24 Ary ny porofo fa nitsangana tamin'ny maty ny Tompo Jesosy, dia velona Izy. Eny, tompoko. Ary efa velona Izy hatramin'io Paska voalohany io. Ary eto Izy miaraka amintsika na dia izao ankehitriny izao aza. Ary matoky fotsiny aho fa ny Tompo dia hanome antsika fandrotsahana lehibe iray an'ireo Fitahiany mandritr'io maraina io.

25 Avy eo izahay dia handeha ho . . . avy amin'ny, eto arak'izany, dia handeha ho any Chicago izahay, ny faha-11, ny faha-3 hatramin'ny faha-11. Ary hiainga izahay ny Alatsinainy, hanomboka any amin'ny Talata iray, ary manomboka hatramin'ny . . . Tsia, izany dia ny faha-3 hatramin'ny faha-8. Ary avy eo amin'ny faha-11 dia hanomboka any Charlotte izahay . . . Tsia, Columba, Carolina Avaratra. Ary avy eo dia any Spindale, Carolina Avaratra. Ary avy eo, avy any, dia any Charlotte, Carolina Atsimo. Ary avy eo Anchorage, Alaska, avy any; miakatra mankany Anchorage, Alaska. Avy eo, dia miverina. Ary tsy mbola voatendry, fa, angamba, angamba mandritr'izany fotoana izany, dia ho vonona eo amin'ilay làlana ny tranolay. Oh, izaho dia manana fotsiny . . .

26 Fantatrareo ve hoe inona no tiako hatao? Hivavaka ho ahy ve ianareo ho an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Jereo. Tiako ny, tsy ho ela mihitsy, raha sitraky ny Tompo, ny hametraka an'io tranolay io eto mihitsy ao amin'io Fall City io, ary hijanona any mandritry ny fivoriana efatra na enina herinandro; mijanona eo fotsiny mihitsy mandra-pahavitan'ilay ady. Koa mivavaha ianareo ho an'izany ankehitriny. Ary tiako fotsiny ny hanangana an'izany eto eo anelanelan'i Jeffersonville sy New Albany any ho any, ka hametraka fotsiny eo amin'ny seza fipetrahana fito na valo arivo ao anatin'izany. Ary avy eo dia afaka manampy amboniny isika arakaraky ny andehanan'ny andro, ary mijanona eto fotsiny mandra-pilamin'izany. Amena.

27 Ary noho izany, avy eo, mihevitra aho noho izany fa amin'ny faha-11 hatramin'ny faha-15-n'ny Jona, dia ao amin'ny Cadle Tabernacle any Indianapolis. Ary avy eo, ny faha-17, mino aho, hatramin'ny faha-21-n'ny Jona, dia any Minneapolis, ao amin'ilay kianja fanaovam-baolina any, mametraka fito arivo sy roa alina. Izany dia ny fivoriana iraisam-pirenen'ny Christian Business Men, hiresaka, sy hanana vavaka ho an'ny marary isan-kariva.

28 Ary ankehitriny dia mivavaha ho an'ireo, ataovy, ary mivavaha mafy. Izaho—mahatsapa fotsiny aho fa tsy manana fotoana betsaka isika ankehitriny. Ary milaza mialoha an'izany

aho; tsy milaza an'izao aho hoe ny Tompo no milaza an'izao ankehitriny. Izaho—milaza mialoha aho fa amin'ity taona ity no handraisan'i Amerika an'i Kristy na handavany an'i Kristy. Hitanareo? Mino aho fa izao no ho toeram-piolahana, izay hidiran'i Amerika. Na hanana fifohazana iray isika amin'izao andro izao, na tsy hanana fifohazana iray. Ary mino aho fa izao no taona izay hakan'i Amerika ny fanapahan-keviny. Ary matoky aho fa hanao an'izany izy ireo ka hanana fifohazana lehibe iray isika izay hamafa fotsiny. Manana toriteny betsaka isika, ary fitorian-teny betsaka, saingy mila fifohazana iray isika (sa tsy izany?), tena fifohazana iray. Izany no ilaintsika. Ny Tompo hitahy anareo.

29 Faly aho mahita an-dRahalahy Graham eo, ary—ary izaho—mino aho fa Rahalahy Smith no mipetraka eo alohany eo mihitsy, Rahalahy Smith avy amin'ny fiangonan'Andriamanitra. Ary—ary misy mpitoriteny maro ato, azoko antoka. Ary miarahaba anareo rehetra izahay, ry rahalahy, ny isanisany sy ny tsirairay avy, ary ireo vahiny ato amin'ny vavahadinay, ny mpivavaka rehetra. Tianay fotsiny ianareo.

30 Ary ankehitriny miaraka amin'ireo filazana vita ireo, ary mahalala fa izao hariva izao, dia harivan'ny fandraisana ho an'ny fotoan'ny fandraisana. Ary mivavaha mafy ho an'ny Rahalahy Neville malalantsika izay mihazona ny manda eto amin'ny tabernakla, manao asa lehibe iray; ary ho an'ireo olo-masina rehetra hatraiza hatraiza. Oh, fotoan'ny ilaina iray toy ny inona! Fotoan'ny ilaina iray toy ny inona! Mandre an'izany avy any Afrika any aho, ary antso iray tahaka an'izany ho an'i Afrika.

31 Ary vao avy niteny tamiko teo amin'ny telefona Rahalahy Arganbright, vao teo, fa ilay mpanjakan'ny—ny iray amin'ireo firenena any, adinoko fotsiny hoe taiza ilay izy, mino aho fa any Suède, Suisse. Ho tadidiko ilay izy ao anatin'ny iray minitra. Danemark, izay—izay nanoratra taratasy manokana mba hanao an'ity ho vanim-potoana hahatongavana any amin'ity fotoana ity.

Any Afrika sy Inde, toerana maro samihafa!

32 Any, ireo Nosy Hawaiiennes izay efa nandehanako indray andro. Izany dia saiky impolo tanteraka noho izay nantsoin'izy ireo ho an'ny fifohazana iray. Te-handeha any ny Christian Business Men ka hitety an'izany fotsiny, hanao fandaminana iray, hanao fivoriana iray ary hiresaka ho azy ireo amin'io maraina io, ary avy eo dia hanomboka fifohazana iray any Hawaii.

33 Noho izany, lasa paroasintsika izao tontolo rehetra izao, hitanareo, izao tontolo rehetra izao. Ary Mpanompony isika.

34 Noho izany dia ndao isika hahatsiaro fotsiny, ry sakaiza, fa mety ho ity no hariva farany, mety ho ity no taona farany,

na mety ho ilay taranaka farany. Hitanareo? Tsy mahafantatra isika. Fa, na ahoana na ahoana, dia fantatsika fa izao no zava-misy, hoe ny velona dia mahafantatra fa tsy maintsy ho faty izy ireo. "Notendrena ho faty indray mandeha ny olona, ary aorian'izany dia ny Fitsarana." Ary raha misy eto izao hariva izao, izay tsy vonona hihaona amin'izany, ka tsy manana an'io fanantenana voatahy io, dia enga anie ity no ho hariva izay hanapahanareo hevitra ho an'ny Tompo Jesosy, indray mandeha tsy miverina, ho an'ny Mandrakizay.

Ankehitriny dia hivavaka isika.

35 Rainay any An-danitra, te-hisaotra Anao avy amin'ny tena halalin'ny fonay izahay, mahafantatra fa miandry eto izahay, tsy kivy mihitsy; tsy mampaninona na baomba atomika firy no amboarin'izy ireo, sy olon'ny mpiasam-panjakana firy no apetrak'izy ireo hiambina an'ireo fiaramanidina, mikorontana sy mihozongozona izao tontolo izao. Mitoetra eo amin'ity fanantenana voatahy izay anananay ity izahay. Matoky an'ilay asan'Andriamanitra vita teny Kalvary izahay, tamin'ny alàlan'i Kristy. Mahafantatra an'izao, fa rehefa tsy misy intsony ity tabernaklan'ny tany ity, dia manana anankiray izahay izay efa miandry any; be voninahitra kokoa, mihoatra lavitra, izay tsy misy fanaintainana na fijaliana, aretina. Tsy hamely an'izany intsony ny fahanterana, tsy hisy volo fotsy iray intsony, tsy hisy fikentronana iray intsony, fa ho tanora mandrakizay izahay any.

36 Ilay Baiboly voatahy, izay tsy afaka miteny afa-tsy ny fahamarinana, no nanome anay an'ity antoka voatahy ity. Ary ny Fanahy Masina, ihany koa, dia vavolombelona iray, manambara an'ilay zavatra iray ihany. Maniry fatratra an'izany ny fonay. Ary fantatray fa ny Baiboly no miteny an'izany aminay, izay ny Tenin'Andriamanitra, ireo voa izay hambolena eo amin'io tany lonaka io mba hamela anay hitoetra amin'io fanantenana io.

37 Andriamanitra, mivavaka aho mba Hikasihanao ny olona rehetra izao hariva izao, izay any ivelan'i Kristy. Ary ento amin'ity dia akaiky, mahafinaritra ity izy ireo. Sitrano ny marary izay mipetraka eto izao hariva izao, Tompo. Tsy isalasalana, ao amin'ny olona maro, fa natao hisy aretina eo afovoanay. Ka mivavaka izahay mba Hanasitrananao ny tsirairay avy.

38 Ankehitriny dia tongava eo amin'ny Teny, Ray. Raiso ny Teny izay aron'aina. Ireo fakan'ahitra, Tompo, an'ny fandrosoana rehetra. Mivavaka izahay mba handraisan'ny Fanahy Masina ny Teny tsirairay ka hanome an'Izany ho an'ny fo arak'izay ilainay fotsiny. Enga anie izahay hiombona manodidina ny Teny. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

39 Ho an'ny famakiana kely ny Soratra, izao hariva izao, ho an'ny—ny lahateny kely iray fotsiny, hiezahana hahitana foto-kevitra iray, sy hitsofohana avy hatrany ao amin'ny Teny,

mba ahafahantsika hanana ny fandraisana. Satria Alatsinainy rahampitso, fantatro fa tsy tiantsika ny mieritreritra an'ireo zavatra ireo, ny tsy maintsy hiverina hiasa, saingy tsy maintsy miatrika an'izany isika. Ary matetika, fantatrareo . . . Fa, na izany aza, dia zava-dehibe kokoa noho ny asa sy ny zavatra hafa ity. Hitanareo? Satria, hifarana ny asanareo, indray andro any, ary hifarana miaraka aminy ianareo. Fa raha manana Fiainana Mandrakizay ianareo, dia tsy hanana fiafarana iray mihitsy. Mandrakizay izany; mitohy velona, mandrakizay. Eritrereto izany. Fiainana iray mandrakizay, tsy manana fiafarana. Rehefa tapitra ny fiafaran'ny andro, dia mbola ho eo foana ianareo. Rehefa mihorona ireo an-tapitrisany taona, dia mbola ho eo foana isika. Noho izany, mandritry ny andro vitsy fotsiny eto an-tany, dia tsy midika betsaka ireo asa. Mba hanampy antsika fotsiny, hividianana ny sakafo kelintsika, sy ny sisa, hihinanana, izay tokony hahazoantsika an'izany.

40 Ankehitriny ao amin'ny Korintiana Voalohany ny toko faha-10, manomboka amin'ny andininy faha-12.

> Koa *izay manao azy fa efa* mijoro *dia aoka izy hitandrina fandrao ho* lavo.
>
> *Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afa-tsy izay . . . zakan'ny olona: nefa mahatoky Andriamanitra, izay* tsy . . . izay—izay tsy maniry anareo mba . . . *ka* tsy *hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho* izay *zaka*nareo; *fa . . . amin'ny fakam-panahy* rehetra *dia manao làlana iray ihany koa* mba *andosirana, mba hahatonga* antsika *hahazaka an'izany.*

41 Andininy iray tsara tarehy toy ny inona! Enga anie ny Tompo hanampy ny Fitahiany amin'izany. *Manao Làlana Iray,* eo amin'izany no tiako resahana, izao hariva izao. Fantatra . . . Enga anie Izy hanampy ny Fitahiany amin'Ny Teniny, raha mihaino ny Teny isika ankehitriny.

42 Izao no hevitro, hoe raha ny Teny, no fakan'ahitra, dia izany ilay zavatra izay mamikitra. Matetika ao amin'ireo asam-panasitranako, izaho—miezaka aho ny, na dia efa avy nandinika an'izany rehetra izany aza ireo mpampianatra, dia miezaka aho ny miverina ka—ka mandray ny Teny ary mametraka fototra iray.

43 Hariva vitsy lasa izay, dia nahazo taratasy kely iray an'ny fanakianana aho, izay tsara. Niteny tamiko ny lehilahy iray, nanao hoe, "Rahalahy Branham, zazalahy iray fotsiny ianao, kanefa." Hoy izy, "Izaho dia efa nitory ny Filazantsara talohan'ny nahaterahanao." Dia hoy izy hoe, "Izaho . . . Nandritr'ireo enina amby efapolo taonako rehetra, saingy kanefa . . . " Izy—mpampianatra iray avy amin'ny sekoly Biblika iray izy. Hoy izy hoe, "Saingy ny lehilahy iray, izay avy amin'ny karazanao, izay mampianatra ny olona, kanefa hanao

fanamarihana iray izay nataonao indray hariva." Hoy izy, "Heveriko fa mahatsikaiky izany." Hoy izy, "Nilaza ianao fa tsy manana hery hanasitrana ny devoly." Hoy izy hoe, "Angamba, ahoana moa raha hiteny aminao aho fa manana hery hanasitrana ny devoly." Hoy izy, "Ankehitriny dia ho hanontany ahy ianao, raha nitsangana nanatrika ianao, izay fantatro." Hoy izy, "Hiteny aminao aho." Hoy izy, "Ao amin'ny tanànanay, dia misy vehivavy iray mipetraka any izay manana ny—fanahy ratsy iray. Ary izy . . . Manatona azy ny olona ho an'ny fanasitranana." Hoy izy, "Hanongotra volo avy amin'ny lohan'izy ireo izy, ary mitroka rà avy amin'ny làlan-dràn'izy ireo, ka mandòna an'izany ao anatin'io volo io. Mandeha mankany amin'ny renirano izy, ary manipy an'io zavatra io any ambonin'ny sorony, ka tsy mitodika any aoriana. Raha mitodika any aoriana izy," hoy izy, "dia mijanona ao amin'ilay olona ny aretina. Fa tsy maintsy atsipiny ao anatin'ny renirano izany, toy ny hoe fanadinoina ilay izy, ary lasa mandeha." Dia hoy izy, "Enimpolo isan-jaton'ny olona, nanohy nanisa izahay, no sitrana." Hoy izy, "Ankehitriny, raha tsy afaka manasitrana ny devoly, dia ahoana ny amin'izany?"

44 Noho izany, dia namaly azy aho. Hoy aho hoe, "Ry rahalahiko tsara, malalako, miaraka amin'ny fanajana rehetra ho an'ny taonanao," hitanao, "ny fanajana rehetra ho an'ny taonan'ny fampianaranao, saingy hiteny aminao aho ankehitriny fa Jesosy Kristy no nilaza fa tsy manana hery hanasitrana ny devoly. Ary raha Jesosy no nilaza an'izany, dia milamina hatreo izany, ho ahy. Hoy Izy hoe, 'Raha Satana no mandroaka Satana, amin'izay fotoana izay dia voazarazara ny fanjakany ka manana fiafarana iray izany. Ary tsy afaka mandroaka Satana izy.' Noho izany dia hanontany ahy ianao hoe, 'Nahoana no sitrana ireo olona ireo?' Nahoana, tsy ilay olona izany. Tsy misy idiran'ilay mpamosavy amin'izany, sady tsy misy hidirako amin'izany koa, na olona hafa iray. Izany dia ilay olona izay manatona, mihevitra fa tonga eo amin'ny làlana nomanin'Andriamanitra ho an'ny fahasitranany izy ireo. Izany dia ny finoan'izy ireo isam-batan'olona an'Andriamanitra, no manao ny fanasitranana. Hitanareo? Izany no fanatonana izay eritreretin'izy ireo. Tsy ilay mpamosavy izany, sady tsy mety ho ilay olona mihitsy koa." Hia.

45 Koa, noho izany, ny Filazantsara dia afaka miasa fotsiny ihany, na afaka hahatakatra ihany arak'izay ampianarana ny Tenin'Andriamanitra. Ary ny olona dia mametraka ny fanantenany eo amin'ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana avy amin'ny Teny."

46 Dr. Adair, eto amin'ny tanàna eto, ny sakaiza malalako, dia nilaza tamiko indray andro, hoy izy hoe, "Billy, tsy mihevitra ve ianao fa raha nanana finoana hikasika an'ilay hazo etsy io ny olona, dia hahazo an'ireo vokatra iray ihany izy ireo?"

47 Hoy aho hoe, “Ahoana no ahafahanao hanana finoana ao amin’izany? Raha afaka hanana finoana betsaka ianao, mino . . . mino fa izany no làlana nomanin’Andriamanitra, mba hikasihanao an’ilay hazo, ka hanao an’izany izy, amin’izay fotoana izay dia afaka hanao an’izany izy ireo. Saingy iza no manana finoana ao amin’ny hazo?”

48 Manana finoana amin’izay nolazain’Andriamanitra aho, ary izany fotsiny no raisiko. Noho izany ny finoana dia tsy miorina eo amin’ny fasika miletsy an’ireo—an’ireo fahazoana ara-pientanam-po. Fa ny finoana dia miorina eo amin’ilay Tenin’Andriamanitra fototra, Mandrakizay, ilay Vatolampin’ny taona. Eo no andraisan’ny finoana ny toeram-pitsaharany feno haja ary tsy mihetsika mihitsy, rehefa miorina eo mihitsy izy.

49 Ankehitriny, manao làlana iray. Tsy mino aho fa mampandeha ny Asany mihitsy ho fomba kisendrasendra iray fotsiny Andriamanitra. Izaho—tsy hampandeha ny ahy aho, tsy hampandeha ny anareo ianareo. Tsy maty teo Kalvary Jesosy mba hilaza fotsiny hoe, “Eny, ankehitriny angamba dia hitsetra ahy ny olona, satria hoe tonga Aho, nandeha teto an-tany ka nitafy ny endriky ny nofo. Ary ho voavonjy marina tokoa izy ireo, angamba, raha mahita izy ireo hoe mampahonena toy ny ahoana no Ahafatesako.” Tsy nanao an’izany Andriamanitra. Maty ho an’ny tanjona anankiray Jesosy, ary izany dia ny hamonjy an’ireo izay efa fantatr’Andriamanitra mialoha fa ho voavonjy. Marina izany. Andriamanitra dia nahafantatra fa hisy olona ho voavonjy, ary tsy maintsy nisy fanomanana iray teo, na làlana iray natao mba hahavoavonjy azy ireo. Raha tsy nisy teo, dia tsy azo natao ny famonjena.

50 Noho izany, Andriamanitra, nahafantatra mialoha fa ho voavonjy ny olona, nahafantatra hoe iza izy ireo, dia tsy maintsy nametraka drafitra iray Izy. Ankehitriny hilaza amiko ianareo hoe, “Rahalahy Branham, fantatr’Andriamanitra marina àry ve hoe iza no ho voavonjy?” Marina tokoa. “Eny, nahoana no Izao no voalaza hoe, ‘Tsy Sitrany ny hahalevona ny rehetra’?” Tsy Sitrany. Tsy Sitrany ny hahalevona ny rehetra, fa mba hahatonga ny rehetra ho amin’ny fibebahana.

51 Fa, mba ho Andriamanitra, dia tsy maintsy Fantany hoe iza no hanao an’izany, raha tsy izany dia tsy Andriamanitra Izy. Satria, Izy dia—faratampon’ny hery Izy. Manerana Izy. Faratampon’ny fahaizana Izy. Fantany ny zavatra rehetra. Eny amin’ny toerana rehetra Izy, ary mahery indrindra. Noho izany, ny fahalalana mialoha dia mitodika ka milaza fa efa Hitany mialoha izany, ary fantany, izany no antony Nahafahany niteny hoe inona ny farany, hatrany amin’ny voalohany.

52 Ary, noho izany, eo am-pahafantarana fa ireto andro mahafinaritra izay iainantsika ankehitriny ireto, sy hitsanganana sy hijoroana vavolombelona, ary mahita an’ireo

zavatra izay hitantsika ankehitriny, dia tsy maintsy nanao fanomanana iray ho an'izany Andriamanitra.

53 Indray hariva, tena gaga aho. Tonga teo amin'ny lampihazo ny vehivavy kely iray. Ilay toerana goavana telo hetsy dolara tany, ary nanao karazana lokon-tarehy kely iray izy teo amin'ny tarehiny. Nitsangana teo izy ary nanomboka nangovitra. Hoy aho hoe, "Loterana ianao," tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina.

Hoy izy hoe, "Eny, tompoko."

54 Dia hoy aho hoe, "Eto ianao mba hivavahana. Ary ny antony amindranao amin'ny fomba amindranao, dia tapaka ireo lohalikao roa." Hoy aho hoe, "Izany dia vokatry ny lozam-piarakodia iray, ary fiara iray izay nentinao, efa-taona lasa izay."

Hoy izy hoe, "Marina izany."

55 Hoy aho hoe, "Ny dokoteranao dia olona kely, fohy, sola loha ary manao solomaso."

Hoy izy, "Marina izany."

56 Dia hoy aho hoe, "Mitsabo izy nohon'ny ao anatin'ireo—ireo lohalika, lasa raboka ilay taolana, ary na dia ilay nofo aza dia lò manodidina an'ilay taolana."

Hoy izy hoe, "Marina izany."

Dia hoy izy hoe, "Misy fanantenana ve ho ahy?"

57 Hoy aho hoe, "Miankina amin'ny fanatonanao an'ny Tompo Jesosy izany." Hoy aho hoe . . .

Hoy izy hoe, "Afaka manampy ahy ve ianao?"

58 Hoy aho hoe, "Tsia, madama. Tsy misy afaka manampy anao ankehitriny. Fa ianao no tsy maintsy manampy ny tenanao amin'ireo fitahiana nomanin'Andriamanitra ho anao."

Dia hoy izy hoe, "Mino amin'ny foko rehetra aho ankehitriny."

59 Hoy aho hoe, "Nanasitrana anao ny Tompo, ranabavy. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Sitrana ianao."

60 Hoy izy hoe, "Atoa. Branham, tsy afaka nandohalika aho," hoy izy, "nandritry ny efa-taona." Raha mbola nitomany izy, nitsangana teo, nikosoka ny tànany. Ary nitomany ny olona mpanatrika lehibe, nandinika azy; Loterana, Presbyterana. Dia hoy aho hoe, "Nahoana ianao no tsy mandeha mankeo amin'ny alitara ka mandohalika?"

61 Hoy izy hoe, "Avelao aho handohalika eto mihitsy, eto amin'izay nahasitrana ahy mihitsy." Tsy nihetsika nanao ny dingany mihitsy izy, saingy fantany fa efa sitrana izy. Nisy zavatra niseho. Hitanareo? Fantany izany. Tsy nisy faminavinana mihitsy ny amin'izany.

Hoy aho hoe, "Mandohaleha."

62 Ary ho an'ny fotoana voalohany tao anatin'ny efa-taona, niaraka tamin'ny lohalika tapaka sy feno takopery, nivadika, ireo taolana niaraka; io vehivavy io, tahaka ny vehivavy tanora iray, dia nandohalika tamin'ny lohaliny niaraka tamin'ny ranomaso nikoriana avy teo amin'ny takolany, nanangana ny tànany tamin'Andriamanitra. Eny, nitsangana avy teo fotsiny mihitsy izy, tena mora mihitsy, tahaka ny zazavavy kely iray, ary nitsingitsingina niala teo amin'ny lampihazo. Inona izany? Tsy maintsy nanao làlana iray ho an'izany Andriamanitra.

63 Ankehitriny, nandefa an'ireo dokotera Izy, marina izany. Ary tsara ireo dokotera, ary nanao ny rehetra izay azony natao izy ireo. Saingy nanao làlana iray Andriamanitra. Izay ilay izy. Hitanareo? Taorian'ny tsy nahombiazan'ilay dokotera, tamin'ny fanaony, dia tena avo betsaka kokoa noho ny làlantsika ny làlan'Andriamanitra. Zavatra iray mahafinaritra toy ny inona!

64 Ankehitriny, ny mieritreritra, izao hariva izao, fa izaho sy ianareo . . . Tsy, tsy tiantsika ny mieritreritra an'ity, saingy nanana natiora arak'izao tontolo izao tokoa isika, atao hoe, tahaka ny kisoa. Fa, izao hariva izao, dia lasa olo-masina isika. Tsy maintsy nisy zavatra vita. Ankehitriny, tsy afaka handeha any An-danitra isika, amin'ny maha-kisoa. Tsy maintsy mandeha any An-danitra isika, amin'ny maha-olo-masina, noho izany dia tsy maintsy nisy fanomanana iray natao ho an'izany.

65 Ary tena tsara tarehy no nanomezan'Andriamanitra azy ao amin'ny Testamenta Taloha. Any amin'ny Bokin'ny Nomery any, eo amin'ny toko faha-20, ary ao amin'ny Eksodosy eo amin'ny 36, 32, ary hitantsika fa tamin'ny Andron'ny Fanaovam-panavotana . . . Andriamanitra, tao amin'ireo tandindona, dia naneho mialoha an'izay Hataony, ao amin'ilay tsi-tandindona, rehefa tonga izy, dia Kristy izany.

66 Nodidiana ilay mpisoronabe haka osilahy roa, osilahy kely, ary hitondra azy ireo ho fanaovam-panavotana, fanatitra iray, ary ombilahy iray ho an'ny fianakaviany manokana. Ary maro aminareo mpamaky eto, sy mpandinika ny Baiboly, no mahafantatra mihitsy hoe ahoana ireo fanaovam-panavotana. Fa avy eo, osilahy iray . . . Tsy maintsy nisy antsapaka teo. Ary ilay antsapaka dia nianjera teo amin'ny osilahy iray, maty izy, ary avy eo dia napetraka teo ambonin'ilay osilahy hafa ny ràn'io osilahy io, niaraka tamin'ny tànan'ilay mpisoronabe, miaiky ny fahotan'ny olona, eo ambonin'ilay osilahy velona. Ary avy eo dia lehilahy iray izay mendrika, no nandray an'ilay osilahy velona eo ambanin'ny sandriny, ary nandeha nankany an-efitra izay tsy maintsy hahalevona an'ilay osilahy sy andehanany mankany amin'ny toerana iray mitoka-monina, faran'ny lavitra. Tsy misy intsony mihitsy, ao amin'io toerana io, ny hiverenana mankany amin'ny fianakaviany manokana indray, fa tsy maintsy mitoka-monina mandrakizay, mitondra lavitra ny fahotan'ny olona.

67 Ankehitriny, fantatro fa mahay maro, angamba, no mipetraka eto. Ary indrindra ireo Advantista, izy ireo—milaza izy ireo fa, "Ny osilahy iray dia Kristy, ary ilay iray hafa dia ny devoly." Ankehitriny, rahalahy, tsy maintsy ho hafa kely amin'izany aho. Tsy afaka manao fanatitra ho an'ny devoly isika. Ireo osilahy roa dia maneho an'i Kristy. Izy roa ireo dia Kristy. Kristy no antsika . . . Nivoa-drà ho an'ny fahotantsika Izy ary Izy Tenany no nitondra azy ireny, lavitra. Tsy afaka mitondra ny fahotako ny devoly. Kristy no mpitondra ny fahotantsika. Raiso tsara izany, amin'izay fotoana izay dia tsy hihetsika ny finoanareo. Kristy no mpitondra ny fahotantsika, sy ny fahotan'izao tontolo izao.

68 Kristy no ilay biby maty teo amin'ny hazo fijaliana, henoy, "Ilay Zanak'ondry voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Ary ireo tandindona fotsiny ihany, no isintonantsika tombony, eo am-pahafantarana fa ho tonga ilay tsi-tandindona indray andro any.

69 Nahoana Izy no voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao? Satria, hitan'Andriamanitra tao an-tSainy, hoe ho inona ireo zavatra ireo, ary ho inona ilay fiangonana, ary ho inona ny zavatra rehetra, ka niteny ny Teny Izy. Ary rehefa miteny ny Teny Andriamanitra, dia tena efa vita tsara ilay izy, eo no ho eo, noho izany dia novonoina hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao Izy. Hitanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

70 Rehefa tonga eo amin'izany ianareo ankehitriny, dia avelao hitoetra am-panajana ny finoanareo; tsy eo amin'ny olona, tsy eo amin'ireo teolojian'olona, tsy eo amin'ireo anaram-piangonan'ny fiangonana, na dia tsara aza izy ireo, na dia tsara aza ny olona. Avelao hitoetra irery ao amin'ireo asa vitan'i Kristy teo Kalvary ny finoanareo, ho an'ny fahotana sy ny famonjena. Hitanareo ve izany?

71 Mariho, tonga Kristy, ary Izy no ilay biby teo am-pahafatesana, satria Izy dia efa (ao amin'ny endrika mialoha) voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Hitanareo ve izany? Andriamanitra no niteny an'izany ary nilaza fa ho toy izany ilay izy. Noho izany, rehefa miteny Andriamanitra, dia voamarina mandrakizay any An-danitra izany. Ny Teny, ny . . .

72 Eo no tokony anananareo finoana. Raha mino an'ity ho ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay, tsy miovaova ianareo, amin'izay fotoana izay dia ny fitsipika rehetra izay voateny ao amin'ny Tenin'Andriamanitra dia Voa iray. Ary ny zavatra rehetra izay voatenin'Andriamanitra, ao amin'ny Teny, dia efa voamarina any amin'ny Voninahitra. Ary nomena anareo izany mba hihetsehanareo. Noho izany dia aza matahotra ny handray ny ampahany rehetra an'ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay,

voatahy, ka ampifikiro ao amin'ny fonareo Izany. Ankehitriny, tsy maintsy ho ao anatin'ny tany Izany.

73 Ankehitriny, ohatra, raha naka voan-katsaka iray aho ka nametraka azy ao anatin'ny vato manga malama na zavatra tahaka an'izany, tsy hitombo angamba izy, satria karazana tany ratsy ilay izy. Fa raha mandeha ao anatin'ny tany tsara, tena mainty lonaka izy, dia hitombo azo antoka tahaka ny nametrahana azy tao. Ary rehefa ny Teny . . .

74 Ity ilay izy ankehitriny! Rehefa milatsaka ao anatin'ny fo iray feno finoana ny Tenin'Andriamanitra, dia tsy maintsy mitombo izany. Tsy maintsy mamikitra izany. Izany no anton'ilay ramatoa izay nitsangana tany, niaraka tamin'ireo lohalika roa lany kalsioma tahaka an'izany, avy amin'ireo loto, sy ny fahavakisan'ireo lohalika, izay nahatorotoro azy roa, ka lòan'ny raboka ireo taolana, ary ny . . .ny nofo ihany koa. Tsy natahotra ny nampiondrika ny lohaliny izy. Nohon'ny inona? Nilatsaka tao anatin'ny finoana ny Teny. Nitsimoka! Azonareo ve izany?

75 Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia nilaza fa ho eto Kristy. Ary Izy dia hamono, ho faty, an'ilay tsy manan-tsiny ho an'ilay meloka. Ary rehefa niteny an'izany Andriamanitra, dia efa voamarina izany rehefa niteny azy Andriamanitra.

76 Ankehitriny, alohan'ny ahafahany ho teny iray, dia tsy maintsy ho fisainana iray izany, satria ny teny iray dia fisainana iray voaseho. Ary noho izany raha ny . . .Andriamanitra, tao an-tSainy, no nahita an'ireo zavatra ireo, amin'izay fotoana izay dia efa tao an-tSainy izy ireo. Avy eo, dia Noteneniny izy ireo, ary dia tanteraka tsara tokoa izy ireo rehefa miteny Andriamanitra, satria tsy mety diso Izy ary tsy afaka manao na inona na inona hafa.

77 Noho izany, toetran'Andriamanitra. Raha namonjy mpanota Andriamanitra tany aoriana tany, teo amin'ny fototry ny fanekena an'ilay fanatitra dorana, ilay fanatitra nomanina, dia tsy maintsy manao an'ilay zavatra iray ihany Izy amin'izao andro izao, raha tsy izany dia nanao fahadisoana Izy rehefa nandray an'ilay olona voalohany tamin'ny alàlan'izany Izy. Raha nanasitrana ny marary Andriamanitra tany aoriana tany teo amin'ny fototry ny ràm-biby iray nalatsaka, teo amin'ny fototry ny fanaovam-panavotana, dia tsy maintsy manao tahaka an'izany koa Izy amin'izao andro izao, raha tsy izany dia diso Izy rehefa nanasitrana an'ilay olona voalohany Izy. Hitanareo? Tsy afaka miova Izy.

78 Mitombo isika. Lehibe isika. Mahita zavatra tsaratsara kokoa isika. Miresaka zavatra tsaratsara kokoa isika. Manao akanjo tsaratsara kokoa isika, mitondra fiara iray tsaratsara kokoa isika. Mandroso isika.

79 Fa Andriamanitra tsy afaka mandroso tahaka an'izany, satria efa tanteraka Izy eo am-panombohana. Ary ny fahatanterahana dia tsy afaka mandroso intsony; efa fahatanterahana izy. Amena. Noho izany Izy dia tsy mila miteny hoe, "Eny, ity dia taona hafa iray, manana fisainana iray tsaratsara kokoa isika ankehitriny." Raha izay ilay izy, dia tsy mety ho Andriamanitra Izy. Noho izany, raha Andriamanitra Izy, dia izay Noteneniny tany aoriana tany, dia tsy maintsy mijanona amin'izany Izy, satria efa tanteraka Izy tany ary tanteraka ankehitriny. Hitanareo? Hitanareo ve izany? Noho izany, dia tsy afaka mandroso Izy. Izy tsy afaka . . . Eny, ny tiako lazaina, dia tsy afaka manatsaratsara kokoa an'ireo zavatra Izy. Manao an'ity ho kely iray . . . manao hoe, "Ho tsaratsara kely kokoa ity."

Hoy ianareo hoe, "Ahoana ny amin'ilay zanak'ondry fahiny, ary ity Zanak'ondry ity?"

80 Tandindona iray izany, niandry an'Io, ary Izy no nilaza fa izany io. Niteny mikasika an'ilay Zanak'ondry voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao Izy, tany amin'ny voalohany. "Hametraka fifandrafiana eo amin'ny Taranany sy ny taranaky ny menarana Aho." Ary tamin'izay fotoana izay mba iandrasana ny fahatongavan'io fahatanterahan'ny fotoana io, dia nanome fanavotam-pahotana iray Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny ràn'ilay zanak'ondry, fanondroana.

81 Nanome an'ilay zavatra iray ihany tamin'ny alàlan'ny volana Izy, amin'ny alina, ho masoandro amin'ny andro antoandro. Ny volana dia aloka iray an'ny masoandro, na ny masoandro mamiratra eo amin'ny volana, manao aloka iray. Ny volana sy ny masoandro dia vady lahy sy vady vavy. Ary rehefa lasa ny masoandro, dia manipy ny hazavany eo amin'ny volana izy, mba hanome antsika hazavana kely kokoa mandra-pahatongan'ny masoandro. Ary rehefa tonga ny masoandro, dia manjavona ny volana.

82 Ary Kristy no Masoandro Izay lasa any amin'ny Voninahitra, ary mamiratra eo amin'ilay Fiangonana, miaraka amin'ilay karazana Hazavana iray ihany Namiratany fony Izy teto. Ary ny Fiangonana no Hazavan'izao tontolo izao mandra-pihavin'i Jesosy ary mitsonika miaraka izy rehetra. Tahaka ny hazavan'ny volana sy ny hazavan'ny masoandro lasa hazavana iray, rehefa miaraka mipoitra izany. Ary rehefa tonga miaraka Kristy sy Ny Fiangonany, ao amin'ilay Arivo taona lehibe, dia mipoitra ao anatin'ny anankiray izy ireo.

83 Ary amin'izao andro izao, "Ianareo no Hazavan'izao tontolo izao." Ao amin'Ny Fanatrehany . . . Amin'ny tsy maha-eo Azy, raha ny marina, dia manome anareo an'ilay Hazavana mba hamiratana Izy, raha mbola eto Izy. Ireo zavatra fahiny, ireo

zavatry ny tany fahiny, dia tandindona iray an'ny any An-danitra.

84 Na dia ireo hala aza, sy ireo androngo, sy bibilava, sy ny sisa, dia tandindon'ireo fanahy ratsy fotsiny ihany, manome taratra. Nahoana ny homamiadana iray no nantsoina hoe homamiadana? Satria manana endrika foza iray izy. Ary ny teny hoe *homamiadana* dia midika hoe "foza."

85 Ankehitriny, hitanareo, ireo zavatra rehetra ireo dia tandindona sy aloka. Noho izany, ilay osilahy nandositra izay noroahina nankany an-efitra, tao amin'ny toerana mitoka-monina iray, nosarahina tamin'ireo teratany namany, mitondra ny fahotan'ny olona eo ambonin'ny lohany, dia tandindon'i Kristy izay nosarahina tamin'Andriamanitra, ary tany ivelan'Ny Fanatrehany, ka nitondra ny fahotantsika nankany amin'ny helo. Ary Andriamanitra tsy namela Azy. . . Hoy i Davida hoe, "Tsy Havelako hahita ny lò ny Iray Masiko. Tsy hamela ny Fanahiny ao amin'ny helo koa Aho." Ary tamin'ny andro fahatelo, dia nitsangana indray ho an'ny fanamarinana antsika. Fa nanao tandindona an'ilay osilahy Izy, ilay osilahy nandositra, ary ilay osilahy ho an'ny fanatitra ho an'ny ota ihany koa. Manao fanomanana Andriamanitra, ary làlana voaomana iray!

86 Manao làlana fandosirana iray foana Andriamanitra, isan'andro. Manery anareo eo amin'ny zoron-trano ny aretina. Manapaingotra anareo eo amin'ny toerana iray i Satana rehefa avy lasa Kristiana iray ianareo.

87 Angamba efa mpiloka iray ianareo. Hitanareo ve izany? Eo ambonin'ny latabatra ireo karatra. "Avia, ry John, fantatray fa ao anatinao izany." Eo i Satana mba haka fanahy anareo. Fa Andriamanitra, isaky—isan'andro, dia hanao làlana fandosirana iray raha hanaiky an'izany fotsiny ianareo.

88 Angamba ianareo efa ma—mamolava iray, ary eo ambanin'ny oronareo ilay vera. "Ankehitriny, avia, ry John." Ankehitriny, raha te-hihaino tsara an'io feo io ianareo, dia handeha avy hatrany mihitsy mankeo amin'ny fotakareo indray ianareo.

89 Fa eo foana Andriamanitra. Atodiho mankany An-danitra ny fisainanareo, ka mijere mankany Kalvary, ary manaova hoe, "Fanahy Masina voatahy, tongava amiko. Manana ilaina aho." Diniho izay miseho. Hanao làlana fandosirana iray Andriamanitra, isan'andro, satria Tiany. Efa nanao an'izany foana Andriamanitra.

90 Ary mariho ankehitriny. Talohan'ny fandravana an'izao tontolo izao, rehefa mpanota ny olona, ary mpanota ny olona teto amin'izao tontolo izao, dia nanao làlana fandosirana iray Andriamanitra ho an'ireo izay naniry handositra tamin'ny alàlan'izany. Nanao sambofiara iray ho voaorina Andriamanitra, voaomana. Nanorina sambofiara iray i Noa,

ho an'ny fanomanana an'io sambofiara io, ho fanomanana làlana iray. Henoy. Avy tamin'ny . . . ho an'ny làlana fandosirana iray, dia nanana . . . Nivangongo ny fahatezerana sy ny fitsaran'Andriamanitra tany an-danitra, mba hararaka eo amin'ny firenena mpanota iray sy vahoaka mpanota iray, izay nandà an'izany, sy mafy hatoka, nandeha nanohitra an'ireo didin'Andriamanitra. Nandritry ny fotoana rehetra dia nivangongo tany an-danitra io fahatezerana io, mba hararaka eo amin'ny vahoaka, ao amin'ny fitsarana, nanao làlana fandosirana iray Andriamanitra ho an'ireo izay naniry handeha ao anatin'izany. Ilay làlana fandosirana!

91 Ankehitriny isika dia tonga indray eo amin'ny toerana izay ivangongoan'ny fitsarana. Ary raha tamin'izany andro izany, tamin'ny talohan'ny safo-drano, dia tsy mihoatra noho izany ve amin'izao andro izao, rehefa ny fiafaran'ny tantaran'ny fotoana, rehefa ny fiafaran'ny tantaran'ny firenena, ka tonga eo amin'ny faratampony! Tsy mihoatra noho izany ve ny fahatezeran'Andriamanitra eo amin'olona an-tapitrisany maro, izay miaraka manao antontany, hany ka miditra eo amin'izao tontolo izao ny fahotana, hany ka mangozohozo tahaka ny lehilahy mamo iray mivembena mody amin'ny efatra ora izy. Lasa any ankoatry ny volana sy ny kintana, hany ka nahatakatra an'ireo—ireo akanjon'i Jehovah-n'ny Sabaoth izany.

92 Noho izany, dia mivembena eo ambanin'ny vesatry ny foto-keviny manokana nataon'olona izy, an'ny fiarovan-tenany manokana, an'ireo teolojiany manokana. "Nalain'izy ireo ny Didin'Andriamanitra ary nataony tsy misy fiantraikany izy ireo, tamin'ny alàlan'ny fampianarana an'ireo fombafomban'ny olony. Tia an'ireo fideran'olona mihoatra nohon'ny fideran'Andriamanitra." Lasa matimaty ireo mpampianatsika, ary mipetraka eo amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana, ka manao hoe, "Mety tsara daholo izany, raha mbola mikambana amin'ny fiangonana foana ianareo. Adinoy fotsiny ny momba an'izany."

93 Saingy, rahalahy, nanao làlana fandosirana iray Andriamanitra. Ary tokony ho tonga eo amin'ireo fepetran'Andriamanitra ianareo, ary izany dia amin'ny alàlan'i Kristy Jesosy Tompontsika. Tsy misy fanorenana hafa napetraka afa-tsy izay efa napetraka, tsia, tsy misy anankiray. Ny manorina eo ambonin'ny fanorenana hafa rehetra, dia tahaka ny mololo sy fotaka, ireo tondra-drano no hifaoka azy, ary ho lehibe ilay fianjerana. Fa hoy Jesosy hoe, "Eo ambonin'ity vatolampy ity, no Hanorenako Ny Fiangonako, ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy." Teo ambonin'ny inona no Nanorenany an'Izany? Teo ambonin'ny Fahamarinana ara-panahy voambara fa Izy no Zanak'Andriamanitra.

"Ataon'ny olona ho iza moa Aho ilay Zanak'olona?"

94 "Ny sasany manao hoe 'Elias,' ary ny sasany manao hoe 'Mosesy,' ary ny sasany manao hoe 'Jaona Mpanao-batisa,' sy ny sisa."

"Fa ataonareo ho iza moa Aho?"

95 Tsy nisy fiahanahana, tsy naka iray segondra . . . Henoy, ry mpanota. Tahaka an'izany no andraisanareo azy. Efa niaraka Taminy izy; fantany hoe inona Izy. Ary tamin'izay fotoana izay talohan'ny nahafahany nieritreritra iray segondra mihitsy aza, dia nihazona azy ny Fanahy Masina, ka hoy izy hoe, "Ianao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona."

96 Hoy Izy, "Ianao, sambatra ianao ry Simona, Simona Barjaona, fa tsy ny nofo aman-drà no nanambara an'izany taminao. Tsy nianatra an'izany avy tamin'ny teolojian'olona mihitsy ianao. Tsy avy tamin'ny seminera iray mihitsy ianao niaraka tamin'izany. Fa Ny Raiko Izay any An-danitra no nanambara an'izany taminao. Eo ambonin'ity vatolampy ity, no Hanorenako Ny Fiangonako, ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy."

97 Mety ho tonga ireo tondra-drano, ary mety hilatsaka ireo atomika, sy ny rehetra, fa izay voaaro ao amin'i Kristy dia hihoatra an'ilay tafiotran'ny atomika, mitovy tamin'ny nihoaran'i Noa ny tafiotran'ilay tondra-drano, voaaro tao anatin'ilay sambofiara. Avelao ny finoanareo hilentika ao anatin'izany, indray mandeha, dia jereo izay miseho; eo amin'ny vatolampy mafin'Andriamanitra, eo amin'ireo tandindona. Manao làlana fandosirana iray Andriamanitra, isan'andro. Tsy maintsy manao làlana fandosirana iray Izy. Rehefa tonga ireo fotoana sarotra, Andriamanitra dia ilay Andriamanitra . . .

98 Jehovah-jire! *Jehovah-jire* dia midika hoe, "ny Tompo no hanomana fanatitra iray ho an'ny Tenany," satria ny Tompo no hanomana làlana fandosirana iray ho an'ny Tenany. Afaka manomana an'izany Andriamanitra satria Izy no Mpamorona. Ary Andriamanitra, indray mandeha fotsiny ihany, teny Kalvary! Amena! Teo, teo rehefa ireo Arikanjelin'ny Lanitra, rehefa nangovitra ireo faritry ny demony rehetra, rehefa tratry ny fikorontanana mafy ny tany ka nanozongozona ny fasana, ary rehefa tratry ny fanintontsintonana ny masoandro ka nihantona tany ary nivadika ho fahamaizinana, rehefa niendaka teo amin'ny toerany ny volana sy ny kintana, ilay navotana avy tamin'ireo taona rehetra, sy nanerana an'ireo taona dia ho tonga, hahafantatra an'izany ora izany.

99 Rehefa maty teo ilay Zanak'Andriamanitra, dia nanendaka tamin'i Satana ny fahefana rehetra. Na dia ny fahafatesana aza, sy ny helo, ny fasana, ary ny tahotra rehetra, dia voatelina teo Kalvary. Rehefa nandoa an'ilay vidiny faratampony Izy ary rehefa maty ilay Zanak'ondry, ka napetraka teo Aminy ireo fahotana, dia mpitondra fahotana Izy, nitondra azy ireo nankany amin'ny helo izay nisy azy ireo. Ary nanangana Azy tamin'ny

andro fahatelo Andriamanitra. Ary amin'ny alàlan'ny finoana an'izany, dia voamarina tamin'ny finoana isika, eo amin'ny fototry ny Rà nalatsaka an'i Jesosy Kristy Tompo. Amena. Andriamanitra manao làlana fandosirana iray.

100 Oh, rahalahy, rehefa hitanareo ilay . . . mandre an'ilay fiara fitondra-marary mihiakiaka ianareo, isaky ny mandre anankiray ianareo, dia famantarana iray izany hoe handeha amin'io làlana io ianareo. Isaky ny mandalo tokontanim-pasana iray ianareo, dia famantarana iray izany. Handeha amin'io làlana io ianareo. Isaky ny mipoitra eo amin'ny tarehy ny fikentronana iray, ary volo fotsy iray eo amin'ny loha, dia famantarana iray izany. Handeha amin'io làlana io ianareo.

101 Tsy mahagaga, arak'izany, raha afaka nilaza i Paoly, niaraka tamin'io tena fanantenana namaka sy nifototra tao aminy io, tahaka an'izany. Oadray! Rehefa tonga teo amin'ny faran'ny làlana izy, dia hoy izy hoe, "Niady ny ady tsara aho. Nahavita ny hazakazaka aho. Nihazona ny finoana aho. Manomboka izao, dia misy satroboninahitry ny fahamarinana iray voatahiry ho ahy, ny Tompo Mpitsara marina no hanome ahy amin'izany andro izany, tsy izaho ihany, fa ny rehetra izay tia ny Fisehoany."

102 Rehefa leo an'ity fiainana tranainy ity ianareo, ka ho tia ny fisehoan'ny Tompo Jesosy tsaratsara kokoa noho ny itiavanareo ny sakafonareo eo amin'ny latabatra ianareo, na ny vadinareo, na ireo zanakareo, amin'izay fotoana izay dia misy satroboninahitra iray voatahiry ho anareo. Tsy satroboninahitra iray, satroboninahitra volamena iray hapetraka eo ambonin'ny lohanareo. Fa vatana iray, afaka tamin'ny fanaintainana, ny . . . voaisy satroboninahitra ao amin'ny Voninahitr'Andriamanitra, voaisy satroboninahitra ao amin'ny tsi-fahafatesan'i Jesosy Kristy. Izany no voatahiry ho anareo, izay ny Tompo, ilay Mpitsara marina no hanome anareo amin'izany andro izany. Izay ilay andro izay antenaintsika. Nanao làlana fandosirana iray ho an'ny tsirairay avy amintsika Andriamanitra. Nanao marina tokoa Izy.

103 Rehefa i Daniela mpaminany, zanak'Andriamanitra, no natsipy tao an-davaky ny liona. Nisy fotoana iray izay Daniela, satria nahatoky, nampakatra an'ireo varavarankeliny ary tsy natahotra an'izay nolazain'ilay mpanjaka. Ary rehefa ny . . . nivavaka, tsy niraharaha an'izay nataon'ilay filazana, nivavaka i Daniela na ahoana na ahoana, raha nanatrika an'i Jerosalema izy ka nivavaka. Raha nanatrika an'i Jerosalema ny olona ka nivavaka, ilay tanàna izay nanaovana an'ilay fanatitra dorana . . . Izany no antony nijeren'i Daniela nankany ary nivavaka, satria ny Tompo no efa nilaza hoe, "Raha ao anatin'ny olana ny vahoaka amin'ny fotoana rehetra, ka mijery mankany amin'ity toerana masina ity, ary mivavaka, amin'izay fotoana izay dia mihainoa . . . Izaho dia hihaino avy any An-danitra," rehefa nitokana ny tempoly i Solomona.

104 Izany no antony nananan'i Jona ny finoana izay nananany, rehefa nanana an'ireo lomo-dranomasina nandrakotra nanodidina ny tendany izy, ary nitsangana tao anatin'ny lò, tao anatin'ny kibon'ilay trozona, tany ambany lalin'ny ranomasimbe, teo ambonin'ny ranomasina nisy oram-baratra. Hoy izy hoe, "Zava-poana mandainga izy ireo. Fa izao indray mandeha izao dia hijery mankany amin'ny Tempolinao masina aho, Andriamanitra." Nanao zavatra iray Andriamanitra. Nanao làlana fandosirana iray ho an'i Jona Izy. Izay Nataony, dia tsy misy mahafantatra. Tsiambaratelon'Andriamanitra manokana izany.

105 Fa, tsy mampaninona na aiza no misy ny tsy azo atao, Andriamanitra dia afaka—afaka manova an'ireo toe-javatra. Afaka manao an'ilay tsy azo atao ho lasa mety miseho iray Izy. Ary tsy hoe mety miseho ihany, fa afaka manao an'izany ho zava-misy iray, rehefa mandray an'Andriamanitra amin'Ny Teniny ny olona ka manaiky an'ilay làlana nomanina izay nomanin'Andriamanitra ho an'ny olona.

106 Nanao zavatra iray Andriamanitra. Mety nametraka tranolay misy rivotra iray tao ambany tao Izy. Tsy fantatro izay Nataony tao anatin'ny kibon'ilay trozona, fa nitahiry an'i Jona tao nandritry ny telo andro sy alina Izy, ho tandindona iray, hoe Kristy dia hipetraka tsy misy rivotra, ao anatin'ny kibon'ny tany, ka amin'ny andro fahatelo dia hivoaka indray Izy. Tandindona iray izany. Nanao làlana fandosirana iray Izy. Hanao foana Izy.

107 Rehefa nitsangana teo i Daniela, ka tonga ireo liona, nihazakazaka nankeo aminy, dia tsy nisy tahotra iray tao am-pon'io olo-masina antitra io. Fa nitsangana teo izy, ary mbola tsy nahavita ny aminy Andriamanitra. Ary talohan'ny nandrambasan'ireo liona azy mihitsy, dia nivelatra teo anoloan'izy ireo ny Anjely iray, tsy isalasalana fa ilay Hazavana nirehitra iray ihany izay niseho tamin'i Saoly avy any Tarsisy, teo amin'ny làlana nankany Damaskosy.

108 Namiratra ny Hazavana goavana iray. Dia nijery izy ireo, nefa tsy fantany izay niseho. Ary nianjera avy teny amin'ny soavaliny i Saoly. Ary tonga avy tao amin'ilay Hazavana ny Feo iray, nanao hoe, "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?"

Hoy izy hoe, "Iza moa izany, Tompo?"

Hoy Izy hoe, "Izaho, Jesosy, no enjehinao."

109 Nisy an'ireo zanaka Hebreo izay efa nahatoky tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra, izay nipetraka tao anatin'ilay lafaoro afo tany . . . na tany Babylona, raha ny marina, nandeha nankeo amin'ilay lafaoro afo. Dingana iray no nanelanelana azy ireo sy ny fahafatesana.

110 Mety ho firy izany ho an'ireo olona eto izao hariva izao. Mety misy andro iray no manelanelana anareo sy ny fisarahana Mandrakizay. Handray ny fanapahan-kevitrareo ianareo ankehitriny. Nomanina ho anareo ilay làlana raha hanaiky an'izany ianareo. "Dingana iray," hoy Jonatana tamin'i Davida, rehefa nitifitra an'ilay—ilay—ilay zana-tsipika izy ireo, "dingana iray no manelanelana ahy sy ny fahafatesana."

111 Ary dingana iray no nanelanelana azy ireo sy ny fahafatesana. Fa tamin'io fotoana sarotra io mihitsy, dia nanomana làlana fandosirana iray Andriamanitra, ka nandefa an'i Jesosy Kristy Tompo tao anatin'io lafaoro afo io Izy, ary nanao an'ilay afo tsy hahazo azy ireo.

112 Nisy an'i Enoka, izay nilaza fa niara-nandeha tamin'Andriamanitra nandritry ny dimanjato taona ary nahazo fijoroana vavolombelona iray fa izy "dia nahafaly an'Andriamanitra." Nanana finoana izy fa izy "dia tsy hahita fahafatesana." Ahoana no nahafahan'Andriamanitra nanao an'izany? Tsy mbola nisy fiaramanidina haingam-pandeha akory aza tamin'ireo andro ireo, mba hanainga azy tamin'ny tongony. Fa nanomana làlana iray Andriamanitra, famindrana iray, izay nitondra an'i Enoka avy tamin'ny tany nankany amin'ny Voninahitra, nefa tsy nandray fahafatesana.

113 Nisy an'i Elia izay nandeha niampita an'ilay ranomasimbe . . . na ny Renirano Jordana tamin'io andro io, tamin'ny nanasarahina azy avy tamin'ny ilany nankany amin'ilay hafa. Ary rehefa vonona ny handeha ho any An-danitra i Elia, nefa tsy maty, dia Andriamanitra no nanao làlana iray ho azy. Tsy fiaramanidina haingam-pandeha iray, fa nandefa kalesy Afo iray Izy, notarihin'ny soavaly Afo. Nanomana làlana Andriamanitra, tao anatin'ilay minitra, làlana fandosirana iray amin'ny fahafatesana.

114 Nisy an'i Mosesy, mino aho, izay nanaraka an'ireo zanak'Isiraely . . . na nitarika azy ireo, nanaraka an'ilay Hazavana, ilay Andry Afo, nanerana ny an-efitra. Nisy an'i Mosesy izay naharitra hatramin'ny farany. Nisy an'i Mosesy, roapolo amby zato taona iray, taorian'ny valopolo taona an'ny asa ho an'Andriamanitra, izay nitsangana teo ambonin'ny tendrombohitra ka nijery nankany amin'ilay tany nampanantenaina, niaraka tamin'ny ranomaso nikoriana nidina teo amin'ny takolany, an'ny lehilahy antitra iray, roapolo amby zato taona. Nandalo tamin'ireo làlan-tsilo izy. Niroboka an'ireo rano lalina izy. Nanandrana an'ireo kapoaka mangidy izy, kapoakan'afero sy alahelo. Efa niaraka tamin'ireo vahoaka tsy nankatò izy, amin'ny maha-pasiteran'izy ireo. Nitarika azy ireo nitety toerana izy, ary niharitra an'ireo fimenomenon'izy ireo. Ary nanipy ny tenany tao amin'ilay elanelana izy, ka nanao hoe, "Andriamanitra, alaivo aho alohan'ny Hakanao azy ireo."

115 Nisy an'i Mosesy izay nitsangana tany, toy ny lehilahy antitra iray, nahafantatra fa tamin'ny fomba rehetra dia izy no tandindon'i Kristy, nahafantatra na ahoana na ahoana, fomba iray, fa azo antoka fa haka azy Andriamanitra, satria tsy maintsy hanangana azy indray Izy, amin'ny maha-tandindona iray an'i Kristy. Teraka ho mpaminany iray izy, tahaka an'i Kristy. Ary tsy mpaminany iray fotsiny ihany, fa mpitarika, sy ny sisa. Nafenina tao anatin'ireo zozoro izy, ary toy izany koa no nitondrana an'i Kristy nankany Egypta. Mpanome lalàna iray izy, tahaka an'i Kristy teo amin'ny tendrombohitr'i Oliva, izay niaina lavitra an'i Sinay. Tamin'ny fomba rehetra, dia tandindona iray an'i Kristy izy.

116 Ary rehefa antitra izy, ka nibanjina azy nanatrika ny fahafatesana, dia ahoana no mba nitondrany ny fitsanganana? Fa vao tonga mihitsy ilay fotoana sarotra, dia nanomana làlana iray Andriamanitra. Rehefa niala ny fofon'aina, ary nigororoana tao amin'ny tendany, dia nijery izy, nipetraka teo anilany, dia nitsangana teo ilay Vatolampy. Nanomana Vatolampy iray Andriamanitra. Ilay Vatolampy dia Kristy Jesosy izay tany an-efitra. Naharitra tamin'ilay Vatolampy i Mosesy.

117 Andriamanitra, omeo fahasoavana aho haharitra amin'ilay zavatra iray ihany. Ka rehefa sintonina hiala amin'ity vatana ity ny fofon'aiko, dia avelao aho hahita an'ilay Vatolampy hitsangana eo.

118 Niakatra teo ambonin'ilay Vatolampy izy, ary tonga ireo Anjely ka nitondra azy. Valonjato taona taty aoriana, dia nitsangana tao Palestina izy, niaraka tamin'i Elia, nitsangana teo niresaka tamin'i Jesosy, talohan'ny hazo fijaliana. Nanao làlana fandosirana iray Andriamanitra.

119 Ny roa amin'ireo zavatra lehibe indrindra ao amin'ny Testamenta Taloha, izay mety hitako ao amin'ireo faminaniana, fizarana roa lehibe, dia ity. Manantena fotoana iray izay hihavian'ny Mesia ny olona. Nefa avy eo, rehefa tonga ny Mesia, dia manantena fotoana iray izy ireo, izay hihavian'ny Fanahy Masina.

120 Farany, amin'ny fotoana mety, ireo tandindona rehetra tany aoriana tany ireo, izay nananan'izy ireo tamin'ny alàlan'ireo mpaminany sy ny zavatra rehetra, ireo tandindona rehetra ireo sy ireo fanaovam-panavotana izay nananan'izy ireo, farany dia tonga ny Mesia, dia nilamina izany satria Andriamanitra no efa niteny an'izany.

121 Avy eo dia manantena fotoana iray izy ireo, ho an'ny "Fiangonana be voninahitra iray izay tsy hisy pentina na fikentronana," izay hamiratra eto an-tany tahaka ny kintana iray. Miandry an'izany fotoana izany izy ireo. Ho toy ny ahoana izany? Efa maty nandritry ny telo andro sy alina Izy. Nitsangana indray Izy. Niseho tamin'ny dimanjato Izy, ary niakatra nankany

An-danitra Izy. Namela azy ireo teto an-tany teto Izy, irery. Ahoana no ahafahan'io ho Fiangonana be voninahitra, nefa efa lasa ilay Mpitarika? Andriamanitra no nampanantena an'ilay Fiangonana. Ahoana no hahatonga azy ho Hazavana izay hamiratra eo amin'ny Toerany, taorian'ny nahalasa Azy?

122 Rehefa nilaza Izy teo hoe, "Vetivety foana, dia tsy mahita Ahy intsony izao tontolo izao; kanefa ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao. Ireo zavatra izay Ataoko no hataonareo koa. Mandehana ianareo mankany amin'izao tontolo rehetra izao ka mitoria ny Filazantsara. Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino."

123 Ahoana no ahafahan'izy ireo hanao an'izany, nefa Kristy tsy miaraka amin'izy ireo? Ahoana no ahafahan'izy ireo hanao an'izany, rehefa nanome azy ireo ny teny fikasana Andriamanitra? Fa, jereo, nanomana pentekosta iray Andriamanitra, rehefa ny Fanahy Masina, Tenany mihitsy, no nidina ka nifehy vatan'olona mety maty rehefa avy nodiovina tamin'ny alàlan'ny Fanaovam-panavotan'i Jesosy Kristy Tompo izy ireo. Ary naka an'io olona io tao amin'ny Fifehezany manokana ny Fanahy Masina, ary naniraka azy niaraka tamin'ny famantarana sy fahagagana ary zava-mahagaga nanaraka. Nanomana làlana iray Andriamanitra. Tsy afaka nanao an'izany tamin'ny tenany izy ireo. Olona tahaka ahy sy ianareo izy ireo. Ahoana no nahafahan'izy ireo nanao an'izany? Tsy afaka izy ireo. Fa Andriamanitra no nanao làlana fandosirana iray.

124 Rehefa izy ireo . . .?. . . tao amin'ilay efitra ambony, nihevitra izy ireo fa haneso azy ireo ny olona. Nihevitra izy ireo fa izy ireo dia ho *ity*, *itsy*, ary ny *hafa*. Nakaton'izy ireo ny varavarankely rehetra, ary nohidiny ny varavarana. Ahoana no nahafahan'izy ireo hanao an'izany? Kanosa izy ireo. Tsy nanana taolan-damosina izy ireo. Taolan-tratran'akoho iray no nananan'izy ireo, fa tsy tena taolan-damosin'ny Fanahy Masina. Nohidin'izy ireo ny varavarana. Natahotra izy ireo. Menatra ny hivoaka sy hanatrika ny besinimaro izy ireo. Ahoana no nahafahan'izy ireo nanao an'izany?

125 Fa nandefa pentekosta iray Andriamanitra, ny batisan'ny Fanahy Masina. Natosik'izy ireo ny varavarankely ary nosokafany ny varavarana, ka nandeha teny an-dàlambe izy ireo. Andriamanitra no nampanantena an'izany. Rehefa mampanantena Andriamanitra, dia hihazona Ny Teniny Andriamanitra. Hanao làlana fandosirana iray Izy. Izy tsy hamela anareo ho alaim-panahy mihitsy mihoatra ny zavatra rehetra izay tsy Hanaovany làlana fandosirana iray ho anareo. Hataony izany.

126 Indro isika, niaina nanerana ny andron'ny andro manjombona iray isika, nandrahona, nanorana. Ny fiangonana

dia ny tapany anatiny ary ny tapany ivelany. Manontany izy ireo hoe ahoana no ahafahan'izy ireo manao an'*ity,* ary ahoana no ahafahan'izy ireo manao? Tsy nanana Hazavana izy ireo. Fa hoy ny mpaminany hoe, "Hisy Hazavana amin'ny andro hariva." Ahoana no hampety an'izany? Isika dia . . . Ny Fiangonana amin'ity andro ity, ilay Fiangonana be voninahitra izay tokony ho eto an-tany, rehefa tonga Jesosy mba handray Fiangonana be voninahitra iray, dia mandray ny fara-orana isika, ilay fitosahana. Tonga eto an-tany ilay ampahan-droa an'ny Fanahy Masina, ary mamafa ny firenena rehetra, ary mirehitra eny amin'ny havoana rehetra ireo afom-pifohazana. Any Chine, any Japon, avy any Corée, Afrika mainty, ary hatraiza hatraiza, dia mitosaka eo amin'ny olona ny Fanahy Masina. Nanao làlana iray Andriamanitra.

127 Ahoana no nahasitrana ny masoko jamba? Nanao làlana iray Andriamanitra. Haleloia! Eny, tompoko.

128 Manao làlana iray foana Izy. Ary ho anareo eto, izay eto an-tany amin'izao andro izao, ianareo izay miandry ny fampiononana, ianareo izay mpivahiny sy vahiny, aoka ho tahaka an'i Davida.

129 Nandeha nankany amin'ny ady i Davida. Tsy kivikivy mihitsy izy. Tsy nandeha niaraka tamin'ny famantarana tapany izy. Tsy nieritreritra izy hoe hahavita azy angamba izany. Fa niandry tao ambanin'ilay kirihitra voaroy izy, afaka kelikely, dia fahanginam-pahafatesana ilay izy, tsy nisy na inona na inona niseho. Afaka kelikely, tany lavitra tany, dia nandre an'ireo ravina izy nanomboka, niha-mafy sy niha-mafy ary niha-mafy. Afaka kelikely, dia nandeha teo anoloany ny rivotra mifofofofo lehibe iray. Fantany fa Andriamanitra izany ary ireo tafika masin'ny Anjely no nandeha teo alohany. Dia nisintona ny sabany izy ary nanao an'ilay ady, ka nanao an'ilay fahavalo handositra.

130 Rahalahy, aza mitsambikina ka mieritreritra zavatra iray nefa tsy mbola mahitsy akory ianareo mba handeha. Mitsangàna! Ary jereo fa tsy fikambanana amin'ny fiangonana iray ilay izy, tsy fandraisan-tànana amin'ilay mpitory teny, tsy hoe vita batisa tao amin'ny rano koa ilay izy. Fa ilay izy dia manaiky ny fanatitra nomanin'Andriamanitra, Jesosy Kristy, ho Olona iray ao am-ponareo. Handroso eo anoloanareo ny Fanahy Masina, tahaka ny rivotra mifofofofo iray, manala ny zavatra rehetra eo amin'ny làlana. Amena. Izay ilay izy. Amin'izay fotoana izay, dia aoka ho Kristiana. Ianareo izay ao amin'ilay làlana, dia aoka ho tena olona matahotra an'Andriamanitra.

131 Hisy fifohazana iray ho tonga eto, tsy ho ela mihitsy, fivoriana iray goavana anaty tranolay. Afaka mahita an'izany fotsiny aho. Marina! Inona no tianareo hatao? Ento ny tenanareo . . .

132 Teto indray andro lasa, tany amin'ireo tany atsimo, nisy ireo olona izay nandalo fahiny ary nividy andevo, sy ny sisa. Sendra nieritreritra an'ity tantara kely ity mihitsy aho. Raha nandalo izy ireo, hividy andevo, dia nahamarika izy ireo fa nokapohina ireo olona mahantra. Halan'izy ireo ny nandao ny fireneny, ary fantany fa tsy ho tafaverina intsony izy ireo. Ireo vahoaka Mainty, nahonena toy ny ahoana no nitondrana azy ireo.

133 Indray andro dia sendra nahamarika lehilahy tanora iray niaraka tamin'ny sorony niharina tsara izy ireo. Tsy nila nikapoka azy izy ireo. Tsia, tompoko. Nandalo ny mpividy iray, nanao hoe, "Avelao hovidiako io andevo io."

Hoy izy hoe, "Tsy amidy izy."

134 Hoy izy hoe, "Eny, inona no manao azy ho tena hafa? Izy ve no lehibe amin'ny sisa amin'izy ireo?"

Hoy izy, "Tsia."

135 Hoy izy, "Inona no manao azy ho hafa? Avelanao hihinana tsaratsara kokoa ve izy?"

Hoy izy, "Tsia. Mihinana miaraka amin'ny sisa amin'izy ireo izy."

Hoy izy, "Inona no manao azy ho tena hafa?"

136 Hoy izy, "Sendra nianatra aho fa ny rainy no mpanjakan'ilay foko. Na dia any amin'ny tany lavitra iray aza izy, dia mbola mampiharina ny sorony tsara foana izy. Lehilahy iray nateraky ny mpanjaka izy. Mpanjaka iray ny dadany. Na dia vahiny iray aza izy, dia mpanjaka iray ny rainy."

> Ny Raiko dia manan-karena amin'ny trano sy tany,
> Izy no mihazona ny harenan'izao tontolo izao eo an-Tànany!
> Ireo voahangy sy diamondra rehetra, sy volafotsy ary volamena,
> Feno ireo Fitehirizany, manana harena tsy hay lazaina Izy.

137 Isika, olon'ity tabernakla eto ity, dia manana ny porofo tsy mety diso an'ny fitsanganan'ny Tompo Jesosy, miaraka amin'ny fifohazana iray izay nifaoka ny firenena; avy amin'ny toerana kely manetry tena tahaka an'ity, tsy mihoatra noho ny fihinanam-bilon'i Betlehema, ary angamba mbola manetry tena kokoa. Saingy avy teto, no nandefasan'Andriamanitra fifohazana lehibe iray, izay nifaoka an'aliny, eny, hatramin'ny an-tapitrisany, nankao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

138 Te-ho olona teratany iray miaraka aminay ve ianareo? Vonona ve ianareo izao hariva izao, ry mpanota, ny hanary an'ireo tsy firehanareo, hanary ny fiainanareo mpanota? Ary hanitsy ny sorokareo ka hikambana amin'ity laharan-tafika ity, an'ny vahoaka mamindra, mino fa ny Fanaovam-panavotan'i

Jesosy Kristy Tompo no manadio antsika amin'ny fahotana rehetra.

Hivavaka isika, raha manondrika ny lohantsika isika.

139 Rainay any An-danitra tsara fanahy, izao hariva izao, raha miandry Anao izahay, manantena an'ilay Fanahy Masin'Andriamanitra lehibe hihetsika manerana an'ity mpanatrika ity ka hanao an'ilay mihoatra betsaka. Satria vonona mihitsy izahay izao ankehitriny izao, eo ankatoky ny fanaovana ny fandraisana, O Ray, Andriamanitra, dia mivavaka izahay mba Hiresahanao amin'ireo fo mpanota, izao hariva izao. Aoka izy ireo ho tonga, Tompo, tsy mifototra eo amin'ny fientanam-po, tsy eo amin'ny tantara mampalahelo iray, fa eo amin'ny Tenin'Andriamanitra tsy mifangaro marina tokoa. "Toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, Nomeny Ny Zanany lahitokana, mba tsy ho levona izay rehetra mino Azy fa hanana Fiainana Mandrakizay."

140 Andriamanitra, ekeo, izao hariva izao, mba ireo Tenin'ny Tompo Jesosy, ao amin'ny Masindahy Jaona 5:24, no haneno ao amin'ny fo rehetra. "Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fanamelohana, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Enga anie ho maro no tafafindra, amin'ity ora ity, avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana, raha miandry ny Fanahy Masina izahay, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

141 Ary miaraka amin'ny lohanareo miondrika. Manontany aho, raha mitendry ny anabavy, raha . . . Ny tsirairay avy, Kristiana, ao amin'ny vavaka. Misy lehilahy iray ve, vehivavy, zazalahy, na zazavavy iray, izay hanangana ny tànanareo amin'Andriamanitra, fa tsy amiko? Ary manaova hoe, "Ity mihitsy . . . Manangana ny tànako aho, mba hilaza Aminao, Andriamanitra, mino aho fa vonona hamely ny tany ny fitsarana. Ary eo ambanin'ny fanamelohan'io fitsarana io aho. Tsy maintsy ho tafasaraka amin'Andriamanitra aho, amin'ny fanatrehan'ilay Fiangonana, amin'ny fanatrehan'ny vahoaka Kristiana. Tsy maintsy hampijaliana mandrakizay aho, ao amin'ny helo Mandrakizay. Fa, izao hariva izao, dia tsapako Ny Fanahinao miresaka amiko, tsy maintsy nofidian'Andriamanitra aho. Satria, hoy Jesosy hoe, 'Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy ny Ray no mitarika azy.' Ary mahatsapa fitarihana hafa iray ao am-poko aho, ka te-hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjiko manokana ankehitriny. Ary, Andriamanitra, manangana ny tànako Aminao aho, ary milaza, amin'izao, fa manaiky Ny Zanakao aho ankehitriny, Jesosy Kristy, ny Fanatitrao nomanina, noho ireo fahotako ratsy sy malaza ratsy. Manangana ny tànako Aminao aho ankehitriny." Hanao an'izany ve ianareo?

142 Lehilahy na vehivavy, zazalahy na zazavavy, ato, amin'izao fotoana izao, te-hanangana ny tànanareo ka hanao hoe, "Amin'ny alàlan'izao, dia manaiky an'i Jesosy Kristy Tompo ho Mpamonjiko aho ankehitriny." Miandry vetivety anareo handray ny fanapahan-kevitrareo aho. Atsangano fotsiny ny tànanareo. Andriamanitra hitahy anao, ry zazalahy kely. Olona hafa iray atsangano ny tànanareo, manaova . . . Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko. Eny àry. Manao an'izany amin'Andriamanitra ianareo, fa tsy amiko.

143 "Izay rehetra nino dia natao batisa, ary nanampy ho isan'ny fiangonana." Fanahy telo arivo no voavonjy.

Misy loharano iray feno Rà.

144 Izany tokoa. Hitsoboka ve ianareo ankehitriny, amin'ny finoana, manao hoe, "Tompo Andriamanitra, manafa-tena aho ankehitriny. Oh, efa nandeha teo amin'ny alitara aho, matetika. Izaho efa nanao an'*ity*, *itsy*, na efa nikambana tamin'ny fiangonana aho. Efa niezaka ny handositra an'ilay fahatezerana aho. Fa, izao hariva izao, dia tonga amin'ity làlana ity aho, eo amin'ny fototry ny hoe Jesosy Kristy dia maty teo amin'ny toerako, Izy ilay Zanak'ondrin'ny fanatitra. Izy ilay osilahy nampandosirina. Izy no rehetra. Ary, ao Aminy, dia tanteraka aho. Izy no nitondra ny fahotako. Izy no naka ny toerako teo Kalvary. Izy no naka ny toerako teo ambanin'ny fahatezeran'Andriamanitra. Izy no naka ny toerako teo ambanin'ny fanasazian'Andriamanitra. Izy no naka ny toerako tao amin'ny helo. Ary mba handraisako ny Toerany any An-danitra, mba ho lasa zanak'Andriamanitra iray, ankehitriny dia manaiky an'io fototra io aho izao ankehitriny izao. Satria mpanota iray, dia mino aho." [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

Rehefa mitsoboka ao ambanin'ilay Rà ny mpanota,
Dia very ny pentimpentin'ny fahamelohany rehetra.
Very ny rehetrany . . .

145 Mivavaha, ry fiangonana, raha mbola mandray ny fanapahan-kevitra ho an'ny Tompo ny olona iray. Mivavaha. Mahavery firy? Ny pentimpentin'ny fahamelohany rehetra. Jiosy, Jentilisa, andevo na afaka, mpanota na mambram-piangonana iray, pretra, dokotera, mpisolovava, na mety ho inona ianareo, ario ny pentimpentin'ny fahamelohanareo rehetra, amin'ny finoana ny Tompo Jesosy, manaiky Azy ho Mpamonjy manokana. Henoy ity andininy ity, raha mihira moramora isika ankehitriny.

Ilay mpangalatra maty nifaly mba hahita
An'ilay Loha . . .

146 Teo amin'ny faran'ilay làlana, lasa ny fanantenana rehetra, teo no niseho ny Loharano iray. Eo amin'ny farany ve ianareo, izao hariva izao, ny amin'ny sitraponareo manokana?

Nitsoboka ireo mpanota tao ambanin'ny . . .
Dia very ny pentimpentin'ny fahamelohany rehetra.
Very ny pentimpentin'ny fahamelohany rehetra,
Very . . .

147 Ankehitriny, Ray any An-danitra, eo an-Tànanao izany rehetra izany. Lehilahy azon-taona iray sy zazalahy tanora iray no nanangana ny tànany, hoe te-handray Anao izy ireo, raha mbola nisokatra tamin'ny alàlan'ny Teny ilay Loharano. Mankasitraka ny Fiombonanao izahay, Tompo, ny Fanahy Masina.

148 Angamba Kristiana izy rehetra, voaaro ny rehetra. Ianao no mahafantatra ny fon'izy ireo, Tompo. Mety efa niampita an'ilay tsipika eo anelanelan'ny famindrampo sy ny fitsarana mihitsy aza izy ireo, tsy maniry ny hanangana ny tànany intsony indray, na tsy maniry ny hanana fihetseham-po intsony indray hoe niantso azy ireo Ianao. Mivavaka aho, Ray, raha izany ilay toe-javatra, dia mamindrà fo.

149 Andriamanitra, mivavaka aho mba Hamonjenao an'io lehilahy io, Tompo. Mivavaka aho mba izao ankehitriny izao, ao am-pony ao, no haneno ireo lakolosim-pifalian'ny Lanitra. Ary io zazalahy kely io, dia tahaka an'izany. Mahafantatra an'izao, hoe Jesosy dia nanao an'ity fanambarana ity hoe, "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fanamelohana mihitsy, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Izany No Teninao, Ray, ary mino an'Izany izahay. Omeo fifaliana mandrakizay izy ireo ankehitriny, fa efa nanaiky ny Fiainana mandrakizay izy ireo. Mivavaka izahay, mba Hanaovanao ny fiainan'izy ireo ho feno fifaliana, ary hahavokatra be sy sambatra. Ekeo izany, Tompo.

150 Tahio ireo hafa, raha miandry Anao izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena.

Manao Làlana Iray MAG56-0304
(Making A Way)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady hariva, 4 Marsa 1956, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org